



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO AKOM-BAOVAO NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 9 – 15 SEPTAMBRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

Natao tao amin'ny renivohitra sy tany amin'ny faritra samihafa eto Madagasikara ny fotoam-pitsarana mikasika ny fifidianana kaominaly. Noho ny hamaroan'ny antontan-taratasy sy ny fitoriana napetraky ny kandida ben'ny tanàna sy ny antoko politika ary ny vondrona mpanao politika, dia be asa ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana. **TV PLUS** sy **Radio PLUS** dia mandanjalanja amin'ny fijery tsy miangatra ny vaovao. Velabelariny ao ny fizotry ny fotoam-pitsarana ampahibemaso. Lalatiana Rakotondrazafy kandidan'ny fikambanana Freedom sady mpanao gazety ao amin'ny fandaharana **Anao ny fitenenana** ao amin'ny **FREE FM** kosa dia mitsikera ary mbola manala baraka ny mpifaninana aminy Lalao Ravalomanana, ny antoko TIM fa indrindra koa ny CENI-T, ary lazainy mihitsy aza fa « *mpiray tsikombakomba* » izy telo ireo. **KOLO TV** kosa dia nametra-panontaniana ny amin'ny fifanarahana ny filaza nataon'ny praiminisitra mikasika ny fahatomombanan'ny fizotry ny fifidianana. Any amin'ny faritra, ny **RFONE** sy ny **Radio TSIRY** dia milaza ny anton'ny fotoam-pitsarana mikasika ny fandinihana ny antontan-taratasin'ny antoko HVM sy MAPAR ao Fianarantsoa. Ivon'ny vaovao ny fandinihan'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ny fitoriana, raha ho an'ny **Radio SITENY** ao Toliary, ny **RNA** ao Toamasina na ny haino aman-jery ao amin'ny faritra Boeny **M3TV** sy **VIVA TV**. Izy rehetra dia samy miezaka ny manasongadina ny tsy fetezana sy tsy fanarahandalàna hafa notsarain'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ka mety hanimba ny vokatra ny latsabato.

FOTOTRY NY DISADISA

Mbola mitohy foana ny fitokonan'ny farimbon-tsendikan'ny JIRAMA. Eo am-piandrasana ny fanapahan-kevitra ny filankevi-pitsarana, dia mbola manao fitokonana eny an-dàlana ny mpiasa. Ny haino aman-jery kosa dia mitàna ny heviny roa. Mandranitra ny disadisa, miandany amin'ny hevitra ny iray fotsiny na manararaotra manitra ny fanadihadiana-baovao ataony, **VIVA** sy **FREE FM** ary **ANTSIVA**, ka mitsikera ny mpitondra sy ny foibem-pitondrana ankapoben'ny orinasa. Na izany aza, ny haino aman-jery rehetra ao amin'ny renivohitra dia nandinika lalina ny fototry ny disadisa. **MA-TV**, fantatra amin'ny tsy fitanilàny dia manolo-kevitra hodinihina indray ny fitakian'ny farimbon-tsendikà. Ny **TVM** sy **RNM** dia manindrahindra ny fitoniana, satria izy ireo dia manantitra ny fankatoavan'ny ampahan'ny mpiasan'ny JIRAMA izay nanaiky ny fanomezana ny fitantanana an'i Mandrozeza amin'i

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Symbion Power. Araka ny mahazatra azy ireo, ny haino aman-jery-pirenena dia mandefa ny loharanom-baovao avy amin'ny fitondram-panjakana.

Ny tsy fandriampahalemana izay misy any amin'ny faritra sasany eto amin'ny Nosy no anisan'ny fototry ny disadisa mafampàna amin'izao fotoana. Ny haino ama-jery any an-toerana sy eto amin'ny renivohitra dia milaza ny fanafihana matetika ataon'ny dahalo any Atsimo ary koa ny asan-jiolahy. Ny haino aman-jery ao amin'ny renivohitra dia mifantoka indrindra indrindra amin'ny fifanandrinana nahafatesana olona any Atsimo sy ny hetsika Fahalemana amin'ny ankapobeny. Ny marainan'ny 13 septambra dia nisy fifandonana mahery vaika teo amin'ny mpitandro filaminan'ny hetsika Fahalemana sy ireo dahalo izay nahafaty ny kapitenin'ny tobin'ny zandarimaria ao Betroka, Rafalihery Andriatiana. Dahalo 14 sy olon-tsotra 3 ihany koa no maty. Nilaza izany vaovao izany ny ankamaroan'ny haino aman-jery ao amin'ny renivohitr'i Madagasikara. Ny **ANTSIVA** dia manaitra ny amin'ny isan'ireo dahalo nandritra ny fanafihana izay mampitaintaina. Dahalo 300 hatramin'ny 400 no niara-nanafika toerana iray, izay no nanaitra ny sain'ny mpihaino ny fandaharana Sehatra ho an'ny mpihaino. Ny mpihaino sasany milaza fa ny fisian'ny fitaovam-piadiana miparitaka dia avy amin'ny fikomiana any amin'ny toby miaramila, ny sasany dia miantso ny fampitomboana ny isan'ny mpitandro filaminana any Atsimo. Mampametrapanontanianana ny **FREE FM** ny vokatra marina natolotry ny mpitandro filaminana raha jerena ny fahafatesana voalaza. Ny haino ama-jery sasany kosa dia malina amin'ny filazana ny vaovao izay ezahiny ho voalanjalanja. Ny **KOLO TV**, **MATV**, **TVM** ary **RADIO PLUS** dia milamina kokoa manoloana ny toe-java-misy. Amin'izy ireo, ny vondrona iraisam-pirenena dia nangata-panazavana tamin'ny alalan'ny mpanolotsaina Omer Kalameu, ao amin'ny Kaomisaria Ambony momba ny zon'olombelona eo anivon'ny PNUD. Nitovy ny ahiahiny raha ny mikasika ny fanatanterahana ny hetsika Fahalemana 2015. Nilaza kosa **ANTSIVA** fa manoloana izany fiandianana izany, dia tsy tokony hitsabaka amin'ny raharaha anatin'i Madagasikara ny vondrona iraisam-pirenena. Nilaza mihitsy aza ny mpanao gazetin'io haino aman-jery io hoe « diplomasian'ny fihatsaram-belatsihy », izay nanjary fanalam-baraka ny resaka nataony. Tao amin'ny haino aman-jery ao an-toerana, dia eo hatrany ny tsy fandriampahalemana. Notaterin'ny **Radio TSIRY** ny firongatry ny tsy fandriampahalemana any amin'ny kaominina ambanivohitr'i Solila, distrikan' Ikalamavony ; niresaka ny fifanandrinana teo amin'ny dahalo sy ny mpitandro ny filaminana tao amin'ny kaominina ambanivohitr'Ivahona, distrikan'i Betroka ihany koa ny **Radio SITENY** ; tao Taolagnaro, dia nivahiny tao amin'ny **Radio LAFA** ny mpanao gazety iray ao Betroka. Nolazainy tao ny toetoetry ny faritra ary notantarainy ny ezaka nataon'ny Fanjakana teo amin'ny fampandriana fahalemana. Ny minisiteran'ny Filaminambahoaka miara-miasa amin'ny Firaisambe Eoropeana, dia nikarakara atrikasa fandrindrana hametrahana ny fomba fifandraisana eo amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana. Izany dia nampitain'ny **RFONE** sy **RTV SOAFIA**.

FILAZA TSY MENDRIKA

Tao anatin'ny fandaharana ampandraisana fitenenana, nisy mpihaino sy mpanao gazety ary koa manampahaizana ary vahiny hafa tao amin'ny haino aman-jery nikasa hampiely filaza mivaivay atao amin'ny mpitandro ny filaminana. Na tany amin'ny faritra na teto an-drenivohitra, ny fampitam-baovao dia nanitrikitrika ny fihetsik'ireo miaramila tamin'ny hetsika "Fahalemana" sy ny mpitarika. Ny **RFONE** tao amin'ny **fandaharany ampandraisana fitenenana Tafa sy Dinika** dia nanasa ny Pr Célestin Tsiavalaky, solontenan'ny vovonan'ireo Apostoly 12 sy ny sekretera jeneraly lefitry ny SECES. Nokianiny tamin'izany ny fanaon'ireo miaramila sy ny fiasan'ny Fanjakana. "Tsy hampanjaka ny fandriampahalemana ny basy", "ankehitriny isika dia miaina ao anatin'ny valifaty" na koa "manjaka eto amin'ny firenena ny toe-tsaina tia mampihorohoro" izay no nambarany mikasika ny zava-nitranga nahatsiravina tany Atsimo. Rehefa nanala baraka toy izany ny zavatra nolazainy, dia tsy naneho hevitra ny mpanentana. Ny **Radio ANTSIVA** dia nanontany ny solombavambahoakan'Ankazoabo Atsimo,

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Mara Niarisy mikasika ny fihetsik'ireo andiany nalefa tany Atsimo. Nambarany fa “taorian’ny fahafatesan’ny namany miisa 8 tany Ankazoabo Atsimo, dia nivadika biby ny mpitandro ny filaminana. Hatramin’izao, dia manao asa maharikoriko izy ireo. Manao sava hao ny tanàna, mamono ary mandoro trano”. Tsy nanisy resaka momba izany ny mpanao gazety. Nirona tamin’ny tsaho, ny fandaharana ampandraisana fitenenana Sehatra ho an’ny Mpihaino tao amin’io haino aman-jery io ihany, dia nandefa indray ny fidiran’ny mpihaino iray nanao hoe: “ny mpamatsy fitaovam-piadiana ny “dahalo” dia tsy iza fa ireo miaramila taloha ihany”.

Ny raharaha “Jean Pierre”, mpianatra nodarohan’ireo mpitandro ny filaminana, dia niteraka hatezerana teo amin’ny vahoaka. Ny mpanao gazety koa moa dia nampiely filaza tsy mendrika. Tompon’antoka ary matetika mpiray tsikombakomba, ny mpanentana ny fandaharana ampandraisana fitenenana Anao ny fitenenana dia nanohana ny filazan’i Lalatiana Rakotondrazafy : “Toy ny entin-katezerana manokana, ireo zandary nidaroka an’i Jean Pierre. Ohatra ny hoe nangalatra ny vadin’izy ireo io mpianatra io (...) Ny olona dia tokony hahafehy ny mahabiby azy, raha tsy izany, tsy misy mahasamihafa azy amin’ny biby”. Ary mbola nampian’io mpanao gazety io fa “ny tsirairay dia tokony hahafehy ny mahabiby azy”.

Responsables de l’Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web : www.incipals.eu

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:

